Tsy maintsy hisy ihany koa fitsirihana tampoka ary hampanarahina ny haitao ara-kajy mirindra daholo ireo.

**Nankatoavin'ny Filankevitry ny Minisitra ny fanjifana ireo fitaovam-pianarana (kahie) natao ho an'ireo sekolim-panjakana manerana Nosy.** Mpianatra kilasy T1 hatramin'ny T5 maherin'ny 1 tapitrisa no hisitraka izany amin'ireo faritra rehetra manerana ny Nosy

**MINISITERAN'NY ASA VAVENTY**

**Nankatoavin'ny Filankevitry ny Minisitra ny fanaovana ireo asa fikojakojana sy fanajariana ireo lalana eto Antananarivo sy ny manodidina, vatsian'ny Tahirim-bola ho an'ny lalana.** Tafiditra ao anatin'izany ny lalana:

- Rond Point Ambohimangakely - Rond Point Rocade Rond Point Shell Ankadievo - Rond Point Iavoloha (RN60);
- Rond Point Rocade - JOVENA DOUBLE;
- Ambohijatovo - Ambatonakanga - Andohalo-Rova;
- Ny Maraina Anosy makany Mahamasina sy manodidina ny Palais des Sports
- Ny Maraina Anosy makany Rasseta;
- Mahazoarivo - Androndra makany EUREKA;
- Rond Point Anosizato Rond Point Ampasika DIGUE - Andranomena- Ivato;
- Rond Point Anosy Soanierana Rond Point Ankadimbahoaka Rond Point Ankadievo Croisement Ankatso sy lalana Mausolée;
- Building Ramaroson - Behoririka - Antanimena - Rasalama;
- Tsimbazaza - Anjahana - Manakambahiny;
- Bretelle RNS1- Ratsimamanga makany Itaosy
- Ampatsakana;
- Jesosy Mamonjy - Radisson makany Andravoahangy Ambodivona;
- Accotement BYPASS

**Nankatoavin'ny Filankevitry ny Minisitra ny fampitana am-bava momba ny fitsidihan'ny filohan'ny Banky Arabo ho an'ny Fampandrosoana ara-toekarena an'i Afrika (BADEA), Andriamatoa Abdullah KH ALMUSAIBEEH.** Anisan'ireo handray anjara amin'ny andiany faha-45 ny fihaonana an-tampon'ny SADC ity filohan'ny BADEA ity sady mifanindran-dalana amin'ny fitsidihana ofisialy izay tanterahiny eto Madagasikara ny 15 hatramin'ny 18 aogositra 2025. Hisy ny fivoriana ara-teknika hiarahany amin'ireo minisitera sy departemanta voakasik'ireo tetikasa vatsian'ny BADEA. Hanatanteraka fitsidihana ny firosoan'ny asa fanamboarana ny lalana RN5 mampitohy an'i Soanierana Ivongo sy Vahibe ihany koa ny tenany mandritra ny fandalovany eto Madagasikara izao.

**Nankatoavin'ny Filankevitry ny Minisitra ny fampitana am-bava momba ny asa fanamboarana ny lalana Ambohimahitsy - Ambohibe Ilafy, Faritra Analamanga vatsian'ny Tahirim-bola ho an'ny lalana.** Mirefy 2,4km ny lalana hajariana manomboka eo amin'ny tetezana Ambohimahitsy hatrany amin'ny fokontany Ambohibe sy Soamanandrariny. Hisy ihany koa ny asa fanitarana 5,5m izany lalana izany.

**MINISITERAN'NY MPONINA SY NY FIRAISAN-KINA**

**Nankatoavin'ny Filankevitry ny Minisitra ny hamerenana ny "Autorité Centrale de l'adoption malagasy" hanolo ny "Direction de l'adoption Malagasy" ankehitriny.** Ny tanjona dia ny hametrahana rafitra sy fomba fiasa manaraka lamina mazava ho fiarovana ny zon'ireo ankizy.